

Alahadin'ny Pentekosta 2022, 67 Ha Antananarivo. Première Dame, Mialy R. Rajoelina, tonga namangy an'i Fanantenana sy Ordia, totovavy malagasy nalaina tsy valahara tsy manan-dreny, tsy manana anabavy sy tsy manan-janaka, an-kery, ny herinandro nialohan'io, Fety masina io.

**Alahady 5 jona 2022**, andro fankalazana ny Pentekosta izay fety kristiana ahatsiarovana sy ankalazana ny nidinan’ ny Fanahy Masina tamin’ ireo Apôstôly tamin’ ny faha-50 andro aorian’ ny nitsanganan’ i Jesoa tamin’ ny maty.





Io andro io no nosafidianan'ny vadin'ny Filoham-pirenena sady nitsidiany sy nankaherezany ary nanohanany tovovavy roa niharan'ny fakana an-keriny tamin'iny herinandro lasa iny, teto Antananarivo. Tsiahivina fa Ramatoa Razakandisa Rajoelina dia Filoha Mpanorina ny Association Fitia ary koa *« Championne »* eo amin'ny ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny ankizy, vehivavy, eny na lehilahy koa aza.



I Fanantenana sy Ordia dia tovovavy mpinamana akaiky dia akaiky tratra an'io trangana fakana an-keriny niseho teto amin'ny renivohitr'I Madagasikara. Izy roa ireo no notsidihan'ny *« Première Dame »,*
tamin'ity tolakandron'ny Pentekosta ity, teny amin'ny Faritra 67 ha.

Ankoatra ny fandraisana an-tànana maimaim-poana izay efa ataon'ny Fitondram-panjakana amin'ireo tovovavy tratrin'ity tranga mamoafady hafahafa ity, dia nanolo-kevitra ny amin'ny andraisana an-tànana ny tohana ara-psikôlôjika ireo tovovavy sy tovolahy hiharan'ity fakana an-keriny ity ihany koa Ramatoa Mialy Rajoelina.
































[illegible]



[illegible]







**Jeannot Ramambazafy**